« Marathon de Tana »

# Hifantoka amin ' ny tontolo iainana ny andiany faha - 15

**Ny alahady 11 oktobra 2015 izao no andro hanatanterahana ny fifaninanana hazakazaka lavitra ezaka 42 km 195 m, na ilay antsoina mahazatra hoe « Marathon international de Tana ». Hiavaka izy amin ' ity indray mitoraka ity, fa homena lanja manokana ny tontolo iainana, ka io fotoana io ihany dia efa hokilasina ho « andro maitso » ary hoentanina manokana ny mponin ' Antananarivo mba handefa fisainana momba izany. Ankoatra izay, hisy ny lafiny sosialy toy ny mahazatra izay hanomezana ny ampahadimin ' ny saram - pisoratana anarana ho an ' ny fikambanana Akamasoa, mba hiahian ' ny Mompera Pedro ireo sahirana.**

Raikitra indray ny andiany faha - 15 amin' ny hazakazaka lavitra ezaka *« Marathon international de Tana »*, efa fanao mahazatra tato anatin' ny 15 taona izao. Toy ny tamin' ny taon - dasa, mbola ny *« Vima »* no mpikarakara ity hetsika iraisampirenena ity. Amin' ity andiany ity, amin' ny alalan' ilay sampana iray eo anivon' ny orinasany, ny *« World trade center »*, dia izy ireo no mandray an - tanana ny fikarakarana rehetra. Miara - miasa amin' ny ministera mpiahy ny Tanora sy ny Fanatanjahantena izy ireo amin' izany, no koa mitodika amin' ny ministeran' ny Tontolo iainana. Miahy izao fifaninanana izao ihany koa, izay sambany rahateo, ny Filohampirenena mivady. Toy ny isan - taona, hisy sokajy efatra ny fifaninanana, ka voalohany ny hazakazaka lavitra ezaka, araka ny refy mahazatra 42 km 195 m eo ihany koa ny halavirana 10 km, izay natokana ho an' ny tontolo iainana, ny halavirana 10 km manaraka kosa dia natokana ho an' ireo tsy afa - mamita ilay halavirana ery ambony ary ny faha - 4 farany ilay antsoina hoe *« maratoons »*, izay tsy misy afa - tsy 1, 5 km monja, ka ny mpianakavy ahitana zaza amam - behivavy no hifaninana amin' io. Tsy mivoaka ny araben' ny Fahaleovantena eny Analakely ity sokajy iray ity.



Samy hanana ny fiaingany sy ny fahatongavany

Ny hazakazaka lavitra ezaka no hanomboka voalohany amin' ny 7 ora maraina, ka isaky ny 5 km no hisy fisotroan - drano. Noferana ho adiny 5 sy 40 minitra ny fetra farany hamitana io halavirana io. Amin' ny 7 ora sy 20 minitra kosa ny fiaingan' ny hazakazaky ny tontolo iainana ary eny antsasa - dalana ny fisotroan - drano. Noferana ho adiny iray sy 35 minitra kosa ny fotoana hafahana mamita an' izay. Ny 10 km ho an' ireo manan - kilema koa dia miara - miainga amin' io, fa ny farany ho an' ny mpianakavy no tsy hanomboka raha tsy amin' ny 9 ora marina.

Natao hiantsoana ireo kalaza maneran - tany iry sokajy voalohany, ka kendrena mihitsy ny hahatongavan' ireo Keniana izay havanana amin' ity raharaha ity. Izay indrindra no nahatonga ny mpikarakara hiara - dalana amin' ny fahaiza - manaon' ny *« Amaury sport organisation »* ( Aso ), mpikarakara ny hetsika manana endrika maneran - tany toy ny *« Rallye Dakar »* sy ny *« Tour de France »* ary ny *« Shneider marathon de Paris »*, ka itodihan' izy ireo manokana amin' ireo mpikatroka matihanina iraisam - pirenena amin' ity taranja ity. Hampitomboina ihany koa ny lafiny fandriampahalemana, ka ho avo roa heny ny Polisy handrindra ny lalan - kizorana. Eny amin' ny fiaingana sy ny fahatongavana, hisy ny tranoheva manokana momba ny *« Marathon »*, ka ny 10 sy 11 oktobra no hanehoan' izy ireo ny momba ity hetsika ity. Ao ihany koa no hakana ny *« dôsara »* ho an' ireo mpifaninana. Noferana ho 15 000 Ariary kosa ny fisoratana anarana ary ny 20 isan - jato amin' izany no homena ny Akamasoa.

**Willys F.**